RAHA MANOMBOKA ASA AMAN-DRAHARAHA

I- TARATASY ILAINA

1° Raha orin'asan'olon-tokana (entreprise individuelle)

-Fanamarinam-ponenana
-Kara-panondrom-pirenena
-Fahazoan-dalana manokana arakaraka ny asa tian-katao, avy amin'ny ministera samihafa, ordre…
-Taratasy avy amin'ny fokontany anaovana ny asa, na ny lehiben'ny Tsena manamarina fa voasoratra ao amin'ny bokin'ny fanisana ny asa aman-draharaha atao

2° Raha fikambanam-barotra, fikambanana na sosaety (personne morale)

-Sata mifehy ny fikambanana, fikambanam-barotra na sosaety
-Fahazoan-dalana manokana arakaraka ny asa tian-katao, avy amin'ny ministera samihafa, ordre...
-Taratasy avy amin'ny fokotany misy ny foiben-toerana, manamarina fa voasoratra ao amin'ny bokin'ny fanisana ny orinasa

II- TOERANA ALEHA SY IZAY ATAO ANY

1° Raha any amin'ny renivohi-paritany teo aloha

a) Orinasan'olon-tokana

*INSTAT: entina any amin'ny "statistika" ireo antontan-taratasy ilaina rehetra mba ahazoana KARATRA STATISTIKA sy nomerao
*Foiben-ketra (centre fiscal)
-Entina any ny taratasy ilaina rehetra sy ny karatra statistika
-Fenoina ny filazana manokana hakana ny NIF (Nomeraom-pamantarana ara-ketra)
-Omena karatra NIF na karatra hetra tambatra ny mpandraharaha vaovao rehefa mahafeno ny fepetra

b) Fikambanana, fikambanam-barotra na sosaety

EDBM (Ex-Guide): entina any ny antontan-taratasy ilaina rehetra ka ireto dingana ireto no arahina:
-Fanoratana ny sata (enregistrement de statut)
-Karatra statistika
-Fisoratana ao anaty registre ara-barotra
-Nomerao sy karatra NIF na karatra hetra tambatra

2° Raha any amin'ny toerana hafa ivelan'ny renivohi-paritany teo aloha

*Foiben-ketra (centre fiscal):
-Entina any avokoa ireo antontan-taratasy ilaina rehetra, na orinasan'olon-tokana izany na fikambanam-barotra na sosaety na fikambanana
-Atao ny fanoratana ny sata (enregistrement de statut) ho an'ny fikambanam-barotra na sosaety na fikambanana
-Fenoina ny filazana manokana hakana ny NIF (Nomeraom-pamantarana ara-ketra)
-Omena karatra NIF na karatra hetra tambatra ny mpandraharaha vaovao rehefa mahafeno ny fepetra

III- NY HETRA TOKONY ALOA

1° Eo am-panombohana ilay asa

-Hetra tambatra (impôt synthétique) ho an'ny sokajin'olona voakasika io hetra io
-Acompte IR ho an'ny olona tsy voan'ny hetra tambatra

TSARA HO FANTATRA

a) Ny olona rehetra vao manomboka ka mahafeno ireo fepetra rehetra voalaza tetsy ambony dia tsy maintsy manana ny karatra manamarina izany, any amin'ny foiben-ketra miadidy ny toerana misy anao. Arakaraka ny

"régime fiscal", dia mety izany ho karatra IS, na izany ho karatra NIF

b) Tsy manan-kery mihoatra ny taom-piasana iray io karatra io ka tsy maintsy havaozina isan-taona. Eo amin'ny fotoana fanaovana ny filazana ny vola miditra no tsy maintsy anavaozana izany karatra izany

2° Eo am-panaovana ilay asa

IRSA: Raha mampiasa olona mikarama isam-batan'olona ianao, dia tsy maintsy manao filazana izany fandoavan-ketra

IR: Hetra alaina amin'ny vola miditra na tombom-barotra azo mandritry ny taom-piasana iray, ka anatin'ny efa-bolana aorian'ny fahataperan'ny taom-piasana no tsy maintsy anaovana ny filazana momba izany

IS (hetra tambatra): Ho an'ny mpandraharaha manana vola manodidina na latsaky ny Ar 20 000 000 tamin'ny taom-piasana teo aloha

TVA: Ho an'ny mpandraharaha manana vola maty mandritry ny taom-piasana iray, mihoatra Ar 200 000 000, na ireo izay manao fangatahana manokana nomena alalana

RAHA MISY FANOVANA NA FIJANONANA AMIN'NY ASA

Tsy maintsy atao ny manao filazana an-tsoratra any amin'ny foiben-ketra miandraikitra ny antontan-taratasinao ao anatin'ny 10 andro mandoa ny hetra sy ny haba rehetra izay tokony aloa

Direction Générale des Impôts
Immeuble Ministère des Finances et du Budget Antaninarenina
4ème étage porte 420
Tél: (261) 20 22 355 50- 20 22 663 14
Site web: http//www.impots.mg
e-mail:dgimpots@iris.mg

MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA

SEKRETERA JENERALY

FOIBEM-PITANTANAN-DRAHARAHAN'NY HETRA

TOROLALANA HO AN'IREO OLONA HANAO ASA AMAN-DRAHARAHA

-Ireo taratasy ilaina?
-Ny toerana tsy maintsy aleha?
-Ny hetra tsy maintsy aloa?
-Ireo tsy maintsy atao rehefa hijanona amin'ny asa?